HETSIKY NY MPITONDRA FIVAVAHANA
MOUVEMENT DES LEADERS RELIGIEUX
hetsikynympitondrafivavahana@yahoo.fr
Téléphone: 033 09 101 91 – 033 72 019 76

HAFATRA AVY AMIN'NY HETSIKY NY MPITONDRA FIVAVAHANA

1. **Mizotra mankaiza isika ?**

Fanontaniana tsy mbola nisy valiny mazava hatreto , dia ny hoe : Ho entina mankaiza ity firenena ity ?, na koa ny hoe : Ho entina mankaiza ny fiainan'ity vahoaka Malagasy ity ?

Ny valiny iaraha-mahalala sy miaina aloha hatreto dia ny hoe : Mbola anaty Krizy isika ary mijotso midina hatrany ny fiainan'ny firenena na dia hita fa migalabona sy misondrotra haingana aza , ny fiainan'ireo

lazaina fa mpitondra azy .TSY FAHAMARINANA IZAY !

Ny zava-misy ankehitriny dia toa manamarina izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra hoe '' ny jamba va maha-tari-dàlana ny jamba ?tsy hianjera any an-kady va izy roa? (Lioka 6: 39) . Maro no jamban'ny vola sy ny voninahitra ka sahy manitsaka ny fahamarinana ankehitriny , ity tondrozotra deraina ombieny fa io no tena làlana, ihany koa dia toa tsy mahita izay haleha fa voatapi-maso amin'ny fifandirana sy ny fifankahalana sy ny paika politika mahavalalanina ny olon-tsotra . Dia mifampitarika eo ka hita fa mizotra mankany an-kady ny firenena !

2. AIZA NY OLO-MARINA?

Hoy ny Soratra Masina : " Ny marina dia mitari-dàlana ny namany ''(Ohab.12:26) .

Manontany izahay Mpitondra Fivavahana hoe : Dia tsy misy olo-marina afa-mitsangana intsony ve eto amin'ny firenena ? moa lany va ny olo-kendry ?.Tsy mitady anjely Andriamanitra fa mitady olona tsy jamban'ny vola ka vonona hiaina amin'ny fahamarinana , olona tsy jamban'ny voninahitra ka mahafoy tena hametraka ho avy tsara fototra ho an'ny taranaka , tsy jamban'ny fankahalana ka sahy mibebaka sy mamela ny hafa mba hitsaharan'ny krizy , tsy jamban'ny kolikoly fa sahy milaza sy mijoro amin'ny fahamarinana na dia haningotra ny tenany aza (cf Salamo 15) .

Ny fahamarinana dia tarihin'ny olo-marina , koa antsoina ianareo izay tia fahamarinana rehetra ,hiara-mijoro amin'izay isika .Ampy izay ny fisalasalana mampitombo isa ny ratsy fanahy , fa''raha maro ny ratsy fanahy dia mitombo ny ota "(Ohabolana 29:16a) .Mino izahay fa tsy mankasitraka ny hitomboan'ny ota eto amin'ny firenena isika , dia ny hisian'ny halatra samihafa, ny asan-jiolahy , ny fifankahalana , ny fifampiandaniana …sns

Ankasitrahana ireo fikambanana sy vondron'olona maro samihafa efa nifanatona tamin'ny HMF ary vonona hifampitantana amin'ny làlan'ny fahamarinana .

Ampaherezina ireo hita fa miezaka manao ny ainy tsy ho zavatra mba hampijoro ny fahamarinana ! Mivavaka ho anareo izahay mba hahajoro hatramin'ny farany , na dia eo aza ny fanenjehana sy izay mety ho fanaratsiana ireny olona miezaka manao ny marina ireny! Mitaona antsika vahoaka rehetra mba hanohana ireny hatramin'ny farany !

Mivoha midanadana ho an'izay rehetra tia sy sahy mijoro amin'ny fahamarinana ny varavaranay Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana ary vonona hampivondrona ny zanaky ny fahamarinana rehetra izahay mba ho HERY MATANJAKA eto amin'ny firenena ny fivondronan'ny olo-marina ka ho resin'ny mazava ny aizim-pito manarona ny firenena ankehitriny !

Raisina an-tanandroa ny vondron'olona samihafa ,eo amin'ny sehatra rehetra , na ara-politika , na ara-tsosialy na ara-toekarena ary vonona izahay hiara-mitady sy hampanjaka ny fahamarinana amin'izy ireny ,fa ny ''FAHAMARINANA MANANDRATRA NY FIRENENA''

Sahinay ny milaza entoana fa tsy misy afa-tsy ny fijoroantsika izay tia ny fahamarinana ihany no hanavotra ny firenena , raha tsy izany dia mbola ho viravirain'ny ''ratsy fanahy'' amin'ny fitiavan-tenany ny firenentsika ka mbola hitohy ny Krizy .

Koa miantso ny vahoaka Malagasy rehetra hiray hina sy hiandany amin'ny fahamarinana ''fa izany no sitrapon'Andriamanitra ''ho antsika . Ny toe-tsaina mihalangalana sy zatra milomano ao anaty fiaramonina feno fahantrana sy tsy rariny ,dia mampidi-kizo ny firenena sy ny taranaka ka ialao !

Ny toe-tsaina zatra miandry ny hafa hamonjy ny tena fa tsy vonona handray andraikitra dia halaviro !

Ny toe-tsaina manao rafotsibe very laona ka miandry izay higadonany: miandry fotsiny izay hitranga dia fanetriben'ny tanindrazana ka handosiro!

Resy lahatra izahay fa ny zava-mitranga rehetra eto amin'ny firenena ,dia ny mbola fampiasana ny fitsarana ho fitaovana politika , ny tsy fandriampahalemana , ny korontana ara-tsosialy ..sy ny maro hafa dia tena ANTSO ho antsika rehetra ho sahy mijoro sy mampijoro ary miaro ny fahamarinana . Lazainay am-panentren-tena fa tsy fahamarinana ihany koa ny tahotra hijoro manoloana izay hita fa tsy mety ! Miandry sy manantena antsika hiara-mifaly amin'ny fahamarinana ny Tompo fa ''tsy ho faly miaina tsy fahamarinana toy izao''!

Mampahery ny vahoaka Malagasy rehetra ary manonona tonom-bavaka manokana ho an'ireo rehetra tia sy mikatsaka ny fahamarinana !

Ho famaranana , dia hoy izahay HMF,hoe : Mahasoa ny firenena ny fisian'ny fahamarinana eto ary takianay ny hanjakan'izany amin'ny endriny rehetra : aza lalaovinareo ny ho avin'ny taranaka , avelao ny Mpitsara hanao ny asany am-pahamarinana , avelao hiteny ny vahoaka ,aoka ny miaramila ho mpiaro ny vahoaka tokoa , sokafy ho an'ny rehetra ny haino aman-jerim-panjakana fa efa nampanantena izany ianareo , omeo fahafahana hivory sy haneho hevitra an-kahalalahana ny olona fa efa nambaranareo fa hatao izany ,sokafy ny Radio Fahazavana sy ny Kianja ao Antsahamanitra fa rariny izany ..raha tsy mbola vonona hanao izany hianareo dia tena sitrapon'Andriamanitra ny miala am-panajana ..fa manana olona vonona hanatanteraka izany ny Tompo fa tsy lany olo-marina ity tany ity !

"Tsy hangina Aho noho ny amin'i Ziona ,ary tsy hitsaha-miteny Aho noho ny amin'i Jerosalema ,
Mandra-piposaky ny fahamarinany tahaka ny famirapiratry ny mazava " (Isa. 62 /1) .

"RAHA MANGINA IREO DIA NY VATO NO HIANTSOANTSO "(Lio.19/40)